# MOFONAINA 16 OKTOBRA 2024 – Asa 2:5-13

## Mofonaina 16 Oktobra 2024

## FANDAHARANA

- Sal 19,1-4
- Hira 24
- Vavaka
- Hira 177/1
- Soratra Masina Asa 2.5-13
- Hira 190/1
- HAFATRA
- Vavaka + RZA
- Fanakem-Pinoana 1
- Hira 545/3
- Tsodrano

---

## Asa 2:5-13

Asa 2:5-13

### Konteksta

Niakatra ao Jerosalema ny jiosy rehetra hatrany am-pielezana hankalaza an'Aa noho ny fetim-piangonana pentekosta. Izany dia ny 50 andro taorin'ny paska (nivoahana tany Egypta) ka hahatsiarovana ny nanomezana ny lalàna **FIHAVAOZAN'NY TANTARAM-PAMONJENA**.

1- ASA’NY FANAHY MASINA

2- ASAN’NY TENY

3- ASAN’ANDRIAMANITRA

---

# 1- ASA’NY FANAHY MASINA

- **Gen 1**: Fahariana: Aa nanavao ny endriky ny tany + Fanahy Masina.
- **Lioka 1**: Jesoa Kristy: Aa nanavao ny asam-fahariana + Fanahy Masina.
- **Asa 2**: Fanahy Masina: Aa manohy ny fanavaozana + Fanahy Masina.

## Fampiharana

Olona mihavao tokoa rehefa niasan’ny Fanahy Masina.
Olona tsy miova satria nandalovan’ny Fanahy Masina.

## Antso

Fantaro fa isaky ny manaiky ny asan’ny Fanahy Masina ianao dia hihavao.
Aza misalasala mangataka ny Fanahy Masina hanavao anao.

---

# 2- ASAN’NY TENY

“Nandre araka ny fiteniny avy.”
Misy akony lehibe ny teny:

- Ny teny mety manova ny fisainana.
- Ny teny manova ny fiainana.

- Ny teny manova fifandraisana.

Eto ny Teny dia nanavao ny fisainan'ireo nandre ny Apostoly niteny tamin'ny fiteniny avy.
Mpino Jiosy novangin'ny Teny dia nisaina zavatra vaovao.

### Fampiharana

Arakaraky ny handrenesana no ihavaozana (Fianarana, Fiarahamonina, Fiangonana).

### Antso

Fantaro fa isaky ny manaiky hihaino sy iasan'ny Tenin'Aa ianao dia hihavao.
Aza misalasala mangataka ny Tenin'Aa hanavao anao.

---

## 3- ASAN'ANDRIAMANITRA

Fitenin'Andriamanitra ny hoe "vaovao" ary asan'Andriamanitra ny fihavaozana.

- Fanahy vaovao, fo vaovao, tany vaovao, lanitra vaovao, olom-baovao.
- "Indro havaoziko ny zavatra rehetra."

Amin'ity Soratra Masina ity dia voalaza fa ny asa lehibe nataon'Andriamanitra no nampahafantarina.
Vanim-potoana vaovao no sokafan'Andriamanitra eo amin'ny tantara.

### Fampiharana

Ny fisehoan'Andriamanitra amin'ny asany mahagaga dia fisokafana amin'ny zavatra vaovao (Taona vaovao, Volana vaovao, Andro vaovao, Famindram-po vaovao, Fahavelomana vaovao…).

### Antso

Fantaro fa isaky ny manaiky iasan'Andriamanitra dia hihavao. Aza misalasala mangataka ny asan'Andriamanitra hanavao anao.

---

## FEHINY

**Mpino mihavao:**

- Manaiky iasan'ny Fanahy Masina.
- Manaiky iasan'ny Tenin'Andriamanitra.
- Manaiky iasan'Andriamanitra.